Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana kaominaly : tsy misy manaiky ny hala-bato intsony

Roa andro sisa dia hiroso amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina monisipaly ny Malagasy. Fifidianana manakaiky ny vahoaka indrindra, araka ny lalàmpanorenan'ny Repoblika IV, ary ny filohan'ny fokontany dia efa tendrena. Marihana fa raha ireo fifidianana indroa miantoana, fifidianana filohan'ny Repoblika sy depiote, dia maro ny tsy fanarahandalàna nataon'ny kandidà sy ny mpanohana azy ireo. Porofon'izany ny fitoriana efa an-jatony maro tonga teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC). Azo noraisina ny ankamaroan'izy ireny fa tsy "nitombina", hono, hoy ity andrim-panjakana ity. Niarahanahalala ihany koa fa nanodidina ny efapolo isan-jato (40%) ny taham-pahavitrihan' ny olompirenena mananjo hifidy. Raha ny marina izany dia tsy misy lany "aradrariny" (légitimité) ireo nahazo fahefana rehetra amin'izao fotoana izao, saingy efa izay moa ny "didy tsy azo ivalozana" dia nanaiky ireo nambara fa resy mba isian'ny filaminana. Malaza ho mora mionona sady mahari-pery ny gasy, ka mandray ny andraikiny araka izay tandrify azy ireo voafidy. Raha izao zava-misy iainana amin'izao faotoana izao anefa dia mandiso fanantenana ny vokatra notàzana noho ny antony maro samihafa. Tsy misy afaka mandà fa ny ankamaroan'ireo manampahefana, hatramin'ny filohan'ny Repoblika, dia manao izay saim-patany nandritra ny fampielezan-kevitra kaominaly izao. Mazava tsara ny voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenana fa tsy azo atao ny mitokana zava-bita mandritra izany fotoana izany kanefa dia manao izany ny mpitondra. Ao anatin'ny fivoriana ara-potoana nanomboka tamin'ny talata voalohany tamin'ny volana oktobra ireo parlemanta roa tonta kanefa dia mingitrika ny ankamaroan'ny parlemantera, ka mamonjy ny distrika nahalany azy ireo manampy tosika ny kandidà ho ben'ny tanàna mirotsaka amin'ny anaran'ny antoko misy azy. Nesorina tamin'ny toerany ny lehiben'ny Faritra iraika ambinifo ka nosoloina "governora" izay nomena "budget" amin'arivo tapitrisa maro ary manomboka mihetsiketsika amin'ny fanatanterahana tetikasa izay azo heverina ho fandemen-tsaina ho an'ny mpifidy satria raha tsy lany eo ny kandidà natolotry ny antoko eo amin'ny fitondrana dia azo inoana fa ho very an-javony izany tetikasa izany. Nosoloina ihany koa ny sefom-pokontany sasany, ka manahy ny olompirenena maro fa efa misy tetika maty paika indray kotrehin'ny mihevitra ho mahiratra sy be fika noho ny rehetra. Ireo toe-javatra ireo anefa dia efa mety hiteraka tsy faharisihana ho an'ny mpifidy, ka ho vitsy indray ny ho tonga handatsabato. Tokony samy hahatsapa anefa ny olompirenena tena tia ny tanàna misy azy fa izay ho voafidy eo no tena akaiky azy ary mora kokoa ny manitsy ny làlan-kizorany raha mivaona amin'ny toky nomeny fony izy kandidà ben'ny tanàna. Araka izany koa dia tsy hanaiky intsony izay mety ho fangalaram-bato, na fanodinkodinana ny safidiny ny vahoaka. Efa betsaka ny nampitandrina momba izany, ka tsy hanaiky raha hita sy voaporofo fa tena misy tokoa ny toe-javatra toy izany. Raha ny tranga any Afrika na any Amerika atsimo tato ho ato no jerena dia toa maneho fitiavan-tanindrazana sy tsy manaiky ny fanodinkodinana ny safidiny ny mponina any ary manao hetsika goavana hanoherana izany. Ny gasy kosa dia resin'ny adim-piainana sy niniana nampahantraina, ka tsy te-hieritreritra ny fiainam-pirenena intsony, hany ka manararaotra izany izay mahazo fahefana ary manampatra izany mba hifikirana amin'ny toerana. Zo sy fandraisana andraikitra ny mifidy, ka tsy hiteraka fivoarana eo amin'ny fiainana ny fanariana izany zo izany, koa fomba ivelany ny fampielezan-kevitra, fa tsy maintsy hay ny manavaka ny vary sy ny tsiparifary.

**Andry Tsiavalona**

AMIN'NY ANDROM-PIFIDIANANA

# Hanao andrimasom-pokonolona isika hiaro ny safidintsika hoy Me Hanitra

Efa fantatra fa tsy maintsy hanao ny fomba ratsy fanaony hatramin'izay ireo matahotra ny safidimbahoaka, koa hijoro isika araka ny nambaran'ny Me Hanitra Razafimanantsoa, solombavambahoaka voafidy teto Antananarivo manao hoe: tsy hisy hanaiky intsony amin'ity indray mitoraka ity, hirodorodo isika handrotsabato ary ho tonga mavitrika hanao andrimasom-pokonolona koa, hiambina eny amin'ny tokon-



*Feno hipoka Ambohijatovo ny sabotsy teo.*

tanin'ny birao fandatsahambato, ho vitantsika izany fa tsy ampahafirin'ny enintaona teny amin'ny Magro nitolomantsika nitaky ny fiverenan'i Dada an-tanindrazana, hanaramaso ny fihetsikin'ny sefo fokontany sy ireo mpikirakira ny latsabato isika, ento ny sakafo ifampizarana, ny finday misy fakantsary, raha misy ny tsy fanarahan-dalàna dia tsy ela amin'ny zavatra hay isika amin'ny fanelezambaovao, fantatra fa hisy mpitandro filaminana hanao ny asany ,tsy hila kisa isika fa hifanaja ary homentsika mofo sy akondro aza izy ireny. Fadiantsika ny mitondra zava-maranitra, tsy manao T-shirt mampiavaka antsika isika ary tsy tokony hisy na dia iray aza amintsika ho mamo na dia hamofompofona toaka, fa mahavery ny rariny hananantsika izany, ento ny elo sy fitafy aro orana, mila miray hina tsara isika ary mba mihafy kely miharitra hatramin'ny farany satria efa manangasanga ny fandresena.

**Ny Valosoa**

Fifidianana kaominaly

# Mandika lalàna foana ny fitondrana sy ny IRK

Matahotra ny tsy ho lany ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ny vondron'antoko IRK sy ny fitondrana ary ny mpanohana azy dia manaotao foana hatrany. Vao tamin'ny herinandro teo dia tsy tahotra tsy henatra fa miara-mivory ny Préfet , ny sefo Distrika, sefo fokontany ary ny kandidan'ny IRK any amin'ny faritra maro. Fandikan-dalàna tsotra izao izany satria tsy azo atao mihitsy ny solontenam-panjakana manohana kandida, na miaramivory na inona antony. Raha tena ampiharina tokoa ny lalànan'ny fifidianana dia azo ataon'ny CENI sy ny rantsa-mangaika misahana ny fifidianana tsara ny manala an-daharana ireny kandida ireny ary ireo solontenam-panjakana kosa dia handraisana fe-petra ihany koa. Mialohan'ny fifidianana no itrangan' izany fandikan-dalàna izany ary ireo kandida mpifanandrina amin'ny IRK dia tsy hipetra-potsiny manoloana ity fandikan-dalàna ity. Efa niteny mafy mantsy izy ireo sady nampitandrina fa tsy hanaiky velively ary tsy tompon'antoka amin'izay mety ho vokatr'izany. Efa leom-boananana tokoa mantsy ny mpifidy, ka tsy hanaiky intsony izay endrika fangalaram-bato ankolaka izay. Na inona na inona ambara dia tsy misy tsy mahalala ny fomba ratsy nataon'ny vondron' antoko miaradia amin'i Andry Rajoelina. Efa nataon-dry zareo io nandritra ireny fifidianana filohampirenena, solombavambahoaka ireny dia izao tohizany amin'ity fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpanolotsaina ity indray. Etsy ankilany, na mametraka vatofototra hanamboarana kianja manara-penitra aza dia tazana eny koa ireo kandida IRK hilatsaka hofidiana. Ny ahiahin'ny be sy ny maro, na dia nanambara aza ny avy eo anivon'ny CENI, fa tsy misy fanovana na fanampiana ny lisi-pifidianana nampiasaina tamin'ny fifidianana solombavambahoaka, dia tsy nisy maty mihitsy izany nandritra izay fotoana izay , sanatria tsy maniry fahafatesana fa fomban-javatra tsy azo ihodivirana izany. Sa mbola ampiasaina amin'ny zavatra hafa koa ? Mampiahiahy avokoa izany rehetra izany, fa dia aleo hanao eo ihany, ho hita, hoy izay fitenenana izay.

**Rajaonarimpanontsana**

## NY TENY FIAINANA




***Deotoronomia 7:26***

*Ary aza mitondra fahavetavetana ho ao an-tranonao, fandrao ho voaozona[Heb. herema.] tahaka izany koa hianao; ho halanao sy ho fahavetavetana eo imasonao indrindra izany, fa zavatra voaozona.[Heb. herema.]"*

Parlemantera Frantsay

# Hanamafy ny fiaraha-miasa amin'ny Antenimierandoholona Malagasy

Nitsidika ny Antenimierandoholona tetsy Anosikely ireo parlemantera Frantsay mandalo eto amintsika. Amin'izao fandalovan'ireo depiote sy senatera Frantsay, izay haharitra dimy andro, eto Madagasikara izao, tonga nitsidika ara-pomba fifanajana ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao izy ireo, ny zoma teo, tao amin'ny Lapan'Anosikely. Delegasiona izay notarihan'Andriamatoa Rodrigue Kokouendo, Filoha lefitry ny vaomiera misahana ny raharaham -bahiny ao amin'ny Antenimierampirenena Frantsay, solombavabahoaka avy any Val-de- Marne. Miisa 10 izy ireo no tonga eto Madagasikara, dimy solombavambahoaka, ary dimy Loholona. Niompana tamin'ny fifampidinihana ny amin'ny fomba hoentina hanampiana an'i Madagasikara, hisian'ny fampandrosoana maharitra ny lahadiniky ny roa tonta. Teo ihany koa ny fanamafisana sy fanatsarana ny fiaraha-miasa izay efa nisy hatramin'izay. Tamin'ny tafa fohy nataon'ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao no nanambarany, fa ny antony nahatongavan'ireto vahiny ireto dia mialoha ny hametrahan'izy ireo lalana hizorana hoentina hanampiana an'i Madagasikara ho any amin'ny fampandrosoana. Manao jery todika ireo zavatra efa vita tamin'ireo fanampiana izay nataon'ny Frantsay teto Madagasikara noho izany ry zareo. Ao koa anefa ny fitadiavana ny tena laharam-pahamehana eto amin'ny firenena, mba hisian'ny fampandrosoana maharitra. Nolazain'ny Filohan'ny Antenimierandoholona fa ny tena laharam-pahamehana ho an'i Madagasikara dia ny fanatsarana ny sehatra sy ny foto-drafitrasa ara-tsosialy, ka io no tokony ho jerena akaiky. Na dia eo aza anefa izany fanampiana izany dia tokony arahina ny toro-marika rehetra izay takian'ny mpamatsy vola ary tokony hampanjakaina koa ny fanjakana tan-dalàna, mba hahafahana mampisy ny fampandrosoana maharitra. Nandritra io fotoana io dia nanolotra taratasy ho an'ny Filohan'ny Antenimierandoholona Frantsay ihany koa ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao.

**Isambilo**

## TONONKALO

# Henoy ny feom-bahoaka

`Ndeha henoy ny feom-bahoaka ry mpitondra bemarenina,
F`aza tia manao bontolo sady sarotra tenenina.
Tanimbary no hototofana , nefa maro ny tanety ?
Hevitr`olon-tsy misaina k`atsaharo fa tsy mety !

`Ndeha henoy ny feom-bahoaka ry mpitondra bemarenina.
Ataovy resaka mazava f`aza misy afenimpenina.
Ny fiarahana mitantana ireo nosy manodidina
Dia midika f`ianareo dia efa tena "lohan`angidina" !

`Ndeha henoy ny feom-bahoaka ry mpitondra bemarenina.
Mbola misy ny fotoana hahafaha-miala-nenina.
Tranobe mijoalajoala , tsy izany izao no maika
Fa "ny anion`ireo vahoaka" , izay no mampikaikaika !

`Ndeha henoy ny feom-bahoaka ry mpitondra bemarenina.
Hiakatrakatra ny feo , vao mainka hiasa koa ny penina,
Raha ny lova sy harena na fananam-pirenena
No amidy fahatany na anaovana hafetsena.

`Ndeha henoy ny feom-bahoaka ry mpitondra bemarenina.
Tena misy toko tapaka sy vilany mila harenina.
Mila fanetrena tena ny manarina an`izany.
Tsy hain`ny mpitondra gaigy, fetsifetsy, be vinany !

***DADAN`i RIANA (24-11-19)***